




**Io sisa ny sariny navelany ao amin'ny kaontiny Facebook. Ao raha...**

Ity no tonga amin'ilay fitenena hoe "mamo miantso polisy". Marina tokoa. Taorian'ny nivoahan'ilay lahatsoratra " Razanamalala Elianne Marie. Mampiaiky tokoa ilay fangalara-tany nataony " nivoaka teto tamin'ny Sabotsy 07 Desambra 2019 dia tsy naharitra ny anareo vavy fa namaly ampahibemaso ( *"public ation publique"* ) ao amin'ny Facebook, ka ny nanalika sy nilaza fa voavidim-bola izaho, Jeannot Ramambazafy, mpanao gazety efa 40 taona izao.



Marie Elianne
Ianao aloha ry Mr le Journaliste professionnel Jeannot Ramambazafy dia mahazo mivovo arak'izay tianao fa tsy misy rarahiko zay fanalam-baraka ataonao mihintsy ,ary aza manantena ahy hanantona hanambitamby anao koa hoe ity ny vola fa ajanony ny famoahana ny momb'ahy etsy sy eroa fa vao maika aza omeko courage satria mbola ho ela ny hiarahatsika eto raha ny halavan'ny procédure, satria izaho Dia tsy hihemotra fa hovitaiko hatr@farany Io hahitana izay tena mpisoloky marina, ARY TIAKO HO HAINAO FA ZAHO TSY MATAHOTRA ANAO
NB: saika tsy hanoratra teto ihany aho fa Sao lazainao misitribelona k'aleo mba manao présence ihany,Zay fa Ba mamy be

Ary dia nilaza mazava fa *“tsy matahotra ahy”* izy (sora-baventy mihitsy) ka *“ho vitainy hatramin'ny farany io hahitana izay tena mpisoloky marina”*
. Mbola nasiany ihany koa fa : “
*aza manantena ahy anantona*
(asa ananto-tena angaha izy satria anatona no fiteny)
*hanambitamby anao koa hoe ity ny vola fa ajanony ny famoahana ny momb'ahy etsy sy eroa fa vao maika*
(maika ho aiza ianao e! Mainka no fiteny)
*omeko courage ianao, sns...”*
. Ary namerina mihitsy izy ny hoe :
*“ARY TIAKO HO HAINAO FA ZAHO TSY MATAHOTRA ANAO”*
.



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana

SAMPAN-DRAHARAHAN'NY FANANAN-TANY

**FANAMARINANA FANANAN-TANY**

Araka ny fangatahana nataon'i RAVAOSALAMA Blandine Louisette, CIN° 101 252 021 583 tamin'ny 25 Jona 1968 tao Antananarivo V, monina ao Soamanandrariny Lot II 23.

Ny Mpikajy ny Fananan-tany eto Antananarivo Avaradrano dia manàmarina fa ny parisely kadastraly voalaza eto ambany:

| LAHARANA | HABENY | ZAVATRA AO AMINY | TOERANA MISY AZY |
|---|---|---|---|
| - 166 - | 13A46Sa | Tanimboly | Ambohimailala |

Fizaran-tany: “BH” atao hoe: Ambohimailala Commune: ILAFY
Fivondronampokontany Antananarivo Avaradrano Rejistra: 01 Takelaka: 77

Dia an'i:

1 – RAZANADRANTO, commis des domaines;
2 - RASOANANDRIANINA, vadiny, mpikarakara tokantrano ao Antananarivo.
Araka ny didim-pitsarana n° 44 tamin'ny 30 Aogositra 1933, voasoratra ao amin'ny bokintany tamin'ny 03 Aogositra 1934.

ANTOKA NA ZAVATRA HAFA MIKASIKA NY TANY: TSY MISY-----------------


CERTIFICAT ETABLI SOUS TOUTES RESERVES, UNE PARTIE DU FOLIO ETANT DETERIOREE.

CERTIFICAT ETABLI SANS GOMMAGE NI RATURE.

Sarany: 2 000Ar
Laharana: [illegible] -A/019

Antananarivo, faha 10 MAI 2019
Ny Mpikajy ny Fananan-tany

Tsy resaka *“tahotra”* ry kalakely a! Ny tsy fantatrao anie dia ity e : mpanao gazety aho efa zatra ompa ary tsy mahafaty izany fa miverina amin'izay nanao izany foana. Fa ny taranak'i Dadabe Razanadranto sy Bebe Rasoanindrianina mihitsy anie no alikainao amin'ity resaka mivovo voasoratrao ity e! Satria aoka amin'izay ho fantatrao fa anisan'ny mpandova io tany io aho.



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

Tsy midina laharana faha-788-MJ/CAB tamin'ny 29 desambra 1961 nataon'ny Ministry ny Fitsarana sy Mpitahiry ny Kasem-panjakana

FARITANY ANTANANARIVO
Kaominina Antananarivo Renivohitra
Boriborintany Fahadimy

**KOPIAN' NY SORA-PIANKOHONANA**

Nalaina tamin'ny bokim-piankohonana taona telo amby fitopolo sy sivinjato sy arivo, Kaominina Antananarivo Renivohitra - Boriborintany Fahadimy izao soratra manaraka izao :

Tamin'ny roa amby roapolo mars, taona telo amby fitopolo sy sivinjato sy arivo, tamin'ny efatra ora maraina, no maty tao Analamahitsy-cité, arrondissement fahadimy amin'ny tanànan'Antananarivo :- RASOANANDRIANINA, teraka tao Ambondrona, tamin'ny, taona fito amby sivifolo sy valon-jato sy arivo, tsy manana asa, nonina tao Analamahitsy-cité, zanaky Rainibao sy Raketaka, samy efa maty, vady nisara-maty tamin-dRazanadranto Louis de Gonzague.

Faha : 93
27 Martsa 1973
Sora-pahafatesana
RASOANANDRIANINA
22 Martsa 1973

Nosoratana androany fito amby roapolo marsa, taona telo amby fitopolo sy sivinjato sy arivo, tamin'ny telo ora hariva, araka ny fanambarana nataon-dRazanadranto Anselme, mpanjaitra, teraka tao Andravoahangy, tamin'ny iraika amby roapolo avril, taona telopolo sy sivinjato sy arivo, monina ao Analamahitsy cité, zanaky ny maty, izay miara manao sonia aminay RATSIMA Jean Célestin, mpiandraikitra sora-piankohonana eto amin'ny arrondissement fahadimy amin'ny tanànan'Antananarivo, rehefa novakina taminy ity soratra ity.

Tsy asiana hajia
Araky ny art.416 C.G.E.T

--------- MANARAKA NY SONIA ---------

SORATRA AN-TSISINY : TSY MISY
Kopia nadika manontolo tamin'ny boky androany dimy amby roapolo Novambra taona sivy ambin'ny folo sy roa arivo.

Ny Mpiandraikitra ny sora-piankohonana

COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO
V° ARRONDISSEMENT

Eli ANDRIAMANANTSOA



**Mitsangana eo afovoany : Nenitoa Flora na Ravaoarisoa Florentine, 81 taona, mbola veloba, mpandova faha-fito an-dry Razanadranto sy Rasoaninandrianina. Eo ankavanana, ny vadin'ny mpanao gazety Jeannot Ramambazafy ary zanaky ny mpandova faha-telo, nalikain'i Razanamala Elianne Marie, mpangalatra tany ikoizana. Sary nalaina ny Alahady faha-8 Desambra 2019**




**Izao ny *"pancartes"* ara-dalàna tsy hita sy tsy tazana na oviana na oviana teny amin'ilay tany mitondra ny anarana hoe : *"Ambohimalala, BH, parcelle 166, rejistra 01, takelaka 77"* Izany hoe nanangana teny Ambohimailala tsy nahazo alàlana i Razanamalala Elianne**



**Tany mitondra ny anarana hoe : *"Ambohimalala, BH, parcelle 166, rejistra 01, takelaka 77"* Na oviana na oviana tsy nahitana pancarte hoe *"autorisation de clôture"* ity tamboho be ity izay niorina tamin'ity taona 2019 ity. Ary tsy nomen'ny fokontany tany an-toerana "permis de construire" ihany koa**




Razafindravao Jeannette sy Razanamalala Marie Eliane zanany mpanefoefo mahitahita...

[illegible]